# Fifehezana fotopampianarana: Fitsapam-pahaizana 1—Tari-dalana ho an’ny fandalinana

TESTAMENTA VAOVAO: BOKY TOROLALANA HO AN’NY SEMINERA

## Ianaro tsianjery ny toko sy andinin-tsoratra masina ary ny andian-teny manan-danja ao amin’ny soratra masina

Fehezo tsara ireo andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana sy ireo andian-teny manan-danja ao amin’ny soratra masina. Azonao atao ny maka sy mampiasa ny application fifehezana fotopampianarana mba hanampiana anao amin’ny famerenana.

Matio 5:14–16. “Aoka hazava eo imason’ny olona toy izany koa ny fahazavanareo.”

Matio 11:28–30. “Mankanesa aty Amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.”

Matio 16:15–19. Hoy i Jesoa: “Homeko anao ny fanalahidin’ny fanjakan’ny lanitra.”

Matio 22:36–39. “Tiava ny Tompo Andriamanitrao. … Tiava ny namanao.”

Lioka 2:10–12. “Fa Mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tanànan’i Davida, dia Kristy Tompo.”

Lioka 22:19–20. Nandidy i Jesoa Kristy ny handraisana ny fanasan’ny Tompo “ho fahatsiarovana ahy.”

Lioka 24:36–39. “Fa ny matoatoa tsy mba manana nofo sy taolana, tahaka izao ahitanareo Ahy izao.”

Jaona 3:5. “Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin’ny fanjakan’ Andriamanitra.”

Jaona 3:16. “Fa toy izao no nitiavan’ Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanany Lahitokana.”

Jaona 7:17. “Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin’ny fampianarana izy.”

Jaona 17:3. “Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesoa Kristy.”

## Ampiharo amin’ny toe-javatra tena misy eo amin’ny fiainana ny fotopampianarana

- Mampiasà andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana anakiray na maromaro mba hamaliana ny olona iray izay manontany hoe: “Inona no ampianarin’ny Testamenta Vaovao momba ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona manokana fa avy amin’ Andriamanitra ny fotopampianarana izay ampianarina ato amin’ny Fiangonana?”
- Raha mampianatra olona momba ny fitiavan’ Andriamanitra azy ireo ianao, dia inona avy ireo andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin’ny Testamenta Vaovao azonao ampiasaina? Ahoana no fomba ahafahanao mampiasa ireo andinin-tsoratra masina ireo mba hanazavana ny fitiavan’ Andriamanitra?

Miomàna hizara izay andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana tena nisy fiantraikany teo aminao. Inona no ampianarin’izany andinin-tsoratra masina izany anao momba ny Ray any An-danitra sy an’i Jesoa Kristy?

## Fitsipiky ny fahazoana fahalalana ara-panahy

Avereno jerena ny andiam-pehezan-teny 5–12 ao amin’ny fizarana “Mahazo fahalalana ara-panahy” *Tahirin-kevitra fototra ho an’ny fifehezana fotopampianarana* (2022).

NY FIANGONAN’ I
JESOA KRISTY
HO AN’ NY OLOMASIN’ NY
ANDRO FARANY

© 2023 an’ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *New Testament Doctrinal Mastery: Assessment 1—Study Guide.* Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.